

MONSEIGNEUR BENJAMIN MARC RAMAROSON, C.M.  
ARCHEVEQUE D'ANTSIRANANANA  
ADMINISTRATEUR APOSTOLIQUE D'AMBANJA  
TEL : (261) 32 11 539 39  
BP 415  
5 BOULEVARD LE MYRE DE VILLERS  
201 ANTSIRANANA  
MADAGASCAR  
[beramaroson@gmail.com](mailto:beramaroson@gmail.com)



“TSY ISIKA FA NY FAHASOAVAN' ANDRIAMANITRA MIARAKA AAMINTSIKA”

Fianakaviana Eglizy kely miaro, mikolokolo ny tontolo iainana, ny Tranobe Iombonana, miaro ny zava-boary

MBA HO EO V MISIONERA TABERNAKLA VELONA

Manorona ETA EGLIZY TRANOBE IOMBONANA :

*Taombaovao ka hatramin'ny Paka*

Miditra amin'ny dingana faharoa amin'ny « ady sy dia » vokatry ny « départ vaovao », vokatry ny fiangana vaovao, ainga vaovao isika. Ady amin'ny ratsy fa indrindra vokatry hetraketraka nataontsika olombelona ihany ka niteraka ny fiovan'ny toetrandro (*changement climatique*) nanapotika ny fivelarana ny maha olona manontolo sy ny olon-drehetra. Io ilay fomba fijery sy fisainana momba ny tontolo iainana mivelatra amin'ny lafiny rehetra sy amin'ny lafiny manontolo velabelarin'i Papa ao amin' ny Ansiklika « **Hankalazaina Andriamanitra** » (*Laudato si*) . Ao ny Papa no mamaritra ireo fanamby entintsika miaro ny tontolo, dia ny TRANOBE IOMBONANA, tsy ho potika intsony izany **hoe fomba fisainana ny tany sy fisainana mivelatra sy manontolo mifanaraka amin'ny maha olo araka ny naharian'Andriamanitra azy (écologie humaine intégrale)**

***Fanontaniana ifampisedrana***

***Inona marina ny zava-misy eo anivon'ity Tranobe iombonana ity raha fitinintsika.***

***Raha mijery ny aty amintsika inona no azonao lazaina ? Aza mitanisa fotsiny fa jereo tsara ny mety nahatonga izany...***

Potika ny tany, ny tranobe iombonana dia potika, miharobaka vokatry ny fitondran-tena tsy am-piheverana ka tsy mitaky fiovam-penitra mahery vaika hanova ny zava-misy atrehina amin'izao. Aoka ho tonga saina tokoa isika satria ny tanjona dia ny fahatsiarovan-tena hahatsapana alahelo, ny fahasahiana manova ho fangirifiriana ny tena ny zava-mitranga eo amin'ny tontolo manodidina, ary eo anatrehan'izany, ny fiaikena fa misy anjara biriky azon'ny tsirairay entina. Noho ny fahalotoan'ny rivotra, noho ny tontolom-piainana mikolokolo loto, noho ny fiovaovan'ny toetr'andro dia potika ny tranobe iombonana ka miharatsy ny fiainan'ny taranak'olombelona fa indrindra ireo madinika tsy misy mpiahy any amin'ny sisiny any ambanivolo. Tsapantsika ve ireo voalazan'i Papa ireo ? Lazao fohifohy.

***Fanontaniana ifampisedrana***

**Inona no efa nataonareo eo anatrehan'ireo voalaza ireo ?**

**Misy vato misakana ve ? Lazao inona ny hevitrao handresena an' izany ?**

**1) Ireo faharavan'ny fifandraisana telo fototry ny fahapotehan'ny Tranobe iombonana**

Raha nahary ny olombelona Andriamanitra dia nohariany tao anatin'ny fifandraisana. Mila mirindra io fifandraisana io raha tsy izany potika ny maha olona : fifandraisana amin'ny zava-boary (tontolo iainana), fifandraisana amin'ny samy olombelona (tontolom-piainana, fiaraha-monina...) izay ny fianakaviana indrindra no mitondra faisana, mitondra takaitra,... ny fianakavina no tena « victime »..., fifandraisanaamin'Andriamanitra (tontolom-pinoana).

## ***Inona no hitanao fa potika amin'ny tontolo tsirairay? Aza mitanisa fotsiny fa jereo tsara (voir)***

### ***Inona ny vahaolana hitanao azo ampiharina eo anivon'ny fianakaviana Eglizy kely ?***

Io fahatapanan'ny fifandraisana io no fahotana. Rava ilay fifandraisana mirindra nisy teo amin'ilay Nahary sy ny zanak'olombelona ary ny tontolo voajanahary, noho ny hambom-pon-dRaolombelona te-haka ny toeran'Andriamanitra ka tsy niaikeny fa zava-boaary manam-petra izy. Mbola io toe-javatra io ihany koa no nanimba ny fanatanterahana an'ilay iraka hoe «hanjaka» amin'ny tany (jer. *Jen 1,28*), ary «hamboly sy hiandry azy» (*Jen 2,15*). Ny vokatr'izany dia ity: ilay fifandraisana nirindra, tany am-boalohany, teo amin'ilay Nahary sy ny olombelona ary ny voaary dia lasa fifandonana (jer *Jen 3,17-19*). Io antony io no maha zava-dehibe ny filazana fa karazan'ny fahasitranan'io fifandraisana tapaka io ny fifandraisana mirindra niainan'i Md François niaraka tamin'ny tontolo voajanahary. I Md Bonaventure no nilaza fa noho io famitranam-pihavanana amin'ny tontolo voajanahary io, dia azo lazaina fa karazany tafaverina amin'ny tsy fananan-tsiny ny toetran'i François. Lavitra an'io môdely io anefa ny toe-pahotana hita ankehitriny, omban'ny herim-pandravana entiny amin'ny alalan'ny ady, ny herisetra sy ny fampahoriana amin'ny endriny samihafa, ny tsy firaharahana an'ireo marefo indrindra, ary ny fanimbana ny voaary.

### ***Fampianarana avy amin'ny Papa (Laudate Si)***

Ny fampianarana ao amin'ny Baiboly manoro antsika fa noharian'Andriamanitra tena tsara izay rehetra ary rehefa vita dia nomeny antsika olombelona (Jereo ny tantara fahariana 1 sy 2). Zava-dehibe ny hoe tsy maintsy hamakiana ny lahatsoratra ny Baiboly, ao anatin'ny tontolon-kevitra misy azy, miaraka amin'ny fivoasana sahaza an'izany, ary koa ny mahatsiaro fa mitaona antsika izy «hamboly sy hiandry» ny zaridainan'izao tontolo izao (jer. *Jen 2,15*). Ka ny «mamboly» dia midika hoe miasa ny tany, misoroka ny ahidratsy na manajary azy; ny «miandry» indray dia midika hoe: miaro, mitsimbina, mikajy, manolokolo, manao andry maso. Mitaky fifandraisana miorina amin'ny fifamenoan'ny andraikitra eo amin'ny olombelona sy ny tontolo voajanahary izany. Ny ankohonan'ny mpiara-belona isanisany dia afa-mioty, avy amin'ny hatsarampon'ny tany, ny zavatra ilainy ho an'ny fivelomany ; fa manana adidy koa izy hitandro azy tsy ho simba, ary hiantoka fa mbola hitohy, ho an'ny taranaka fara mandimby, ny fahafahany mamokatra ; satria, raha ny tena izy dia «an'izy Tompo ny tany» (*Sal 24,1*), «Azy ny tany sy izay rehetra eo aminy» (*Dt 10,14*). Noho izany dia tsipahin'Andriamanitra ny hambo rehetra iheveran-tena ho tompo tsy refesi-mandidy: «Ny tany dia tsy azo amidy varo-maty, satria Ahy ny tany, ary amiko ianareo dia toy ny vahiny sy olona mpiavy fotsiny ihany» (*Lev 25,23*).

### ***2) Mifaningotra sy mifandray tanteraka ny zava-drehetra***

Noharian'Andriamanitra hifaningotra sy hifandray tahaka ny vatana iray ny zava-boaray rehetra ka raha misy anankiray voatohintohina dia mikorontana ny zava-drehetra fa manana ny toerany manokana ny olombelona ao anatin'izay fahariana izay satria tena tompon'antoka, sy tompon'andraikitra ary tompon'adidy izy amin'ny fizotran'ny zava-boaary ka tsy afaka misaraka amin'izany ny fampanjakana ny rariny sy ny hitsiny, ny firahalahiana mifotra amin'ny tsy fivadihana : Ny fanaovana an-tsirambina ny andraikitra hanolokolo ary hitandro ny fifandraisana amin'ny namana, araka ny tokony ho izy, fa satria ananako adidy ny mitsinjo sy miahy azy ireny dia manimba ny fifandraisana anaty amin'ny tenako, ny fifandraisako amin'ny hafa sy amin'Andriamanitra ary amin'ny tany. Rahefa ireo fifandraisana rehetra ireo no atao an-tsirambina, rahefa ny rariny sy ny hitsiny no tsy hita eto an-tany intsony, dia lazain'ny Baiboly amintsika fa tandindomin-doza ny aina. Ary izay no fampianarana entin'ny tantaran'i Nôe amintsika, rahefa mampitandrina Andriamanitra fa handringana ny taranak'olombelona noho izy tsy afa-miaina araka izay takin'ny fahamarinana sy ny fiadanana mihitsy: «Tonga ny fotoana handringanana ny nofo rehetra; efa tapaka ny hevitra, satria rakotra herisetra ny tany, noho ny ataon'ny olombelona!» (*Jen 6,13*).(Laudata si 70).

Noho ny zava-drehetra mifaningotra tanteraka dia tsy afaka misaraka vokatr'izany ny olana marobe hita eo amin'ny fiaraha-monina izay mitranga amin'ny fanilikilihana maro isan-karazany sy ny herisetra ary fanapotehina hatramin'ireo zaza tsy manan-tsiny. Miverina ny fahotan'i Heroda. Tsy afenina, hoy ny Papa (audience générale 10 oct 2020), fa toa ny mpikarama an'ady, mpamono ireo mampirisika ny fanalan-jaza sy

ireo mpamotika tontolo iainana noho ny tombotsoan'ny tena fotsiny.

### ***Fanontaniana ifampisedraina***

***Mahatsapa ve isika fa tena mifaningotra toa ny vatana iray ny fiainana ? Milazà zava-misy eo amin'ny fiainantsika manambara izany ?***

***Misy aty amintsika ve ireo voalazan'i Papa ireo ? Inona no mba efa nataontsika amin'ny maha EOVMISIONERA VITA BATEMY ANSIKA ?***

### **3) Tanjona : fikajiana ny tontolo iainana sy ny tontolom-piainana...**

Ny tanjona dia ny « fikajiana ny tontolo iainana sy tontolom-piainana amin'ny lafiny rehetra ka mitondra amin'ny fivelarana amin'ny maha olonamanontolo sy amin'ny olona rehetra » araka ny fampianaran'i Papa eto hoe :

#### **Fampianaran'ny Papa**

Ny ekôlôjia eo amin'ny fiainan'ny olombelona dia mitaky zavatra lalina dia lalina: ny fifandraisan'ny fiainana maha olona sy ny lalàna môrally voasoratra ao amin'ny toetra maha izy azy, fifandraisana ilaina mba hahafahana mihary tontolo iainana mendrika. Ambaran'i Benoît XVI fa misy ekôlôjia ho an'ny olombelona, fa satria «ny olombelona ihany koa dia voaary tokony hohajain'izy tenany, ary tsy azony lalaovina araka izay maha diabolana ny fony». Amin'izay lafiny izay, dia aoka hoekena fa ny vatantsika dia mampifandray antsika mivantana amin'ny tontolo iainana, ary amin'ireo zava-miaina hafa. Ilaina ny hanekena fa fanomezan'Andriamanitra ny vatantsika, mba handraisana ary hanekena fa fanomezan'ny Ray izao tontolo voajanahary izao, ary tranobe iombonana; fa ny lôjika mampanjakazaka ny olona amin'ny vatany dia lasa lôjika mampanjakazaka azy amin'ny voaary. Ny miezaka mizaka ny vatan'ny tena, manolokolo azy ary manaja ny antony nanaovana azy dia zava-dehibe ho an'ny ekôlôjia marim-pototra, eo amin'ny fiainan'ny olombelona. Ny fanomezana hasina ny vatan'ny tena, na amin'ny maha vehivavy na amin'ny maha lehilahy, dia ilaina ihany koa mba hahafahana mahafantatra ny tena, eo amin'ny fifandraisana amin'ny olona, izay hafa tsy mitovy amin'ny tena. Izay no fomba hahafahana mandray an-kafaliana ny hafa, na lahy izy na vavy, izay tsy inona fa asan- tanan'Andriamanitra Mpahary, ary hahazoana mifameno. Noho izany, tsy mahasoana ny fihetsika mihambo «hanafoana ny fahasamihafana eo amin'ny lahy sy ny vavy, rahefa hoe tsy hay intsony ny miatrika azy (155)°».

### **4) Tsy misy vahaolana vita fonosina na vahaolana majika...**

Aoka ho fola-kevitra isika fa tsy ho hisy vahaolana vita fonosina na vahaolana majika fa tsy maintsy misy safidy apetraka ary fanapahan-kevitra izay mitondra amin'ny fiovam-penitra mahery vaika *“changement radical de comportement”* hanatsarana ny fiainana mba tsy hiverina amin'ny fahadisoana teo aloha . Io no lazaintsika « FIAINGANA VAOVAO », « DEPART VAOVAO ».

Raha marina fa «mihamaro ny taniefitra eny ivelany, ao amin'ity tontolo iainantsika ity, satria miitatra izaitsizy ny taniefitra ao anatintsika»,dia zary antso hirosoana amina fibebahana lalina kokoa izao krizy eo amin'ny sehatry ny ekôlôjia atrehintsika izao .

Asaina isika hanana fihetsika sy fitondran-tena manambara io fiovam-penitra mahery vaika vokatry ny fibebahana marina mitondra antsika ho EOVMISIONERA VITA BATEMY IRAHINA HO TABERNAKLA VELONA MANORINA ETA EGLIZY TRANOBEN'ANDRIAMANITRA manohy ilay vokasiontsika voalohany « mpiambina, mpikolokolo, mpamboly » manambara fa tena tompony manjaka isika fa tsy manjakajaka. Io no lazain'ny Papa ho « FAMITRANAM-PIHAVANANA AMIN'NY ZAVA-BOAARY » *“réconciliation avec la nature”* : «Mba hahatanterahan'izany famitranam-pihavanana izany, dia tsy maintsy mandinika ny fiainantsika aloha isika, ary miaiky ny fomba nanimbantsika ny voaarin'Andriamanitra tamin'ny zavatra nataontsika sy ny zavatra tsy vitantsika. Tokony ho tsapantsika eo amin'ny fiainana ny hoe mibebaka, ny hoe miova fo.

### **Fanontaniana sedra**

***Inona no efa ataonao manambara io famitranam-pihavanana » amin'ny zava-boaary io? Inona no efa nataonareo miaraka ?***

***Inona ny FANABEAZANA atao mba ho GENERATION MPANORINA ISIKA FA TSY MPANDRAVA ? Aza mitanisa fotsiny fa milaza tolo-kevitra entina hampiharana azy : fohy ezaka, ivo ezaka ary lavitr'ezaka.***

### **Fampianaran'ny Papa**

Tsara ny mandinika ny fifandraisan'ny Sakramenta sy zava-boaary araka ity fampianaran'ny Papa ity :

Ao amin'ny Eokaristia no anandratana ambony indrindra ny voaary. Miezoa miseho amin'ny fomba azo tsapain-tanana ny fahasoavana, ary izany dia tonga amina fomba fisehoana tsy roa aman-tany, fony naka nofo ho olombelona Andriamanitra, ary nanolo-tena ho sakafo ho an'ny voaariny. Ny Tompo, eo an-tampon'ny mistery nahatongavana ho Nofo dia te hiombona aina lalina amintsika, amin'ny alalana sombin-javatra azo tsapain-tanana. Tsy avy any ambony Izy, fa avy ao anaty, mba hahafahantsika mihaona aminy eo amin'ny tontolo iainantsika. Efa tontosa ao amin'ny Eokaristia ny feno fanaperana; io no ivon-toerana mamelona ny tany aman-danitra, foibe miboiboika fitiavana sy aina tsy manam-paharitana. Ny tany aman-danitra manontolo, miray amin'ny Zanaka tonga nofo, mitoetra ao amin'ny Eokaristia, no indray misaotra an'Andriamanitra. Tsy inona tokoa manko ny Eokaristia fa fanehoam-pitiavana manenika ny tany aman-danitra: «Eny, manenika ny tany aman-danitra! Satria, na dia ankalazaina eo ambony ôtely kelin'ny fiangonana any ambanivohitra any aza izy, dia azo lazaina, fa ny Eokaristia dia ankalazaina mandrakariva *eo ambony ôtelin'izao tontolo izao*». Mampiray ny lanitra sy ny tany ny Eokaristia, mambomba sy maninteraka ny tontolo voajanahary izy. Fa arin-tanan'Andriamanitra izao tontolo izao no miverina any aminy, mitsaoka Azy ankafalana, amin'ny fony manontolo: ao amin'ny Mofon'ny Eokaristia, ny tontolo voajanahary no voasintona hitovy amin'Andriamanitra, ho any amin'ilay fanasana masina amin'ny fampakaram-bady, ho any amin'ny firaisana amin'ilay Nahary azy mihitsy». Izany no hahafahana milaza fa ny Eokaristia koa dia loharanom-pahazavana sy fanentanana eo anatrehan'ny fahasahiranantsika momba ny tontolo iainana, ary mitaona antsika hijoro ho mpiambina ny tontolo voajanahary.

Mitsodrano ny fianakaviana EGLIZY KELY tsiraikiraiky aho amin'izao Noely sy Taom-baovao izao ka i Jesoa tonga miara-monina amintsika anie handrotsaka amintsika ny Fahasoavany ka hankahery antsika EOV MISIONERA VITA BATEMY KA IRAHINA HANAO DEPART VAOVAO AMIN'IZAO TAOM-BAOVAO IZAO. Hifampivavaka isika miaraka amin'ny Fianakaviana Masina, Jesoa, Maria, Josefa sy Olts Lucien Botovasoa. Ankiniko amin'ny Fo Masin'i Jesoa ny fianakaviana rehetra eto amin'ny diozezin'Antsiranana sy diozezin'Ambanja ka hanjaka ny famindram-po sy ny fifamelan-keloka loharano sy fototry ny fiadanana sy fandriam-pahalemana (Papa François).

Manararaotra an'ity torolalana ity aho no miarahaba sy mirary soa antsika EOV MISIONERA rehetra BONNE ET SAINTE ANNEE 2021.

Bonne et sainte préparation ny PAKA (Fitsanganan-ko velona = FIOVAM-PENITRA MAHERY VAIKA) amin'ny alalan'ny fiarovana ny tontolo iainana sy ny fametrahana tontolom-piainana mampivelatra ny mahaolona manontolo sy ny olon-drehetra. Mivavahà ho ahy.

### **FANAMARIHANA :**

**DIOSEZIN'ANTSIRANANA** : TSARA MISY TATITRA ATAO SY FIFAMPIZARANA REHEFA MIVORY NY SECTEUR ARY MISY MANDRAY AN-TSORATRA KA ALEFA ATY AMIKO HATAONTSIKA FAMPIANARANA SY TOROLALANA ETO AMIN'NY DIOSEZY

**DIOSEZIN'AMBANJA** : TSARA MIVORY NY ISAKY NY PAROASY DIA MANDEFA AZY ATY AMIKO KA HOJERENTSIKA AMIN'NY FIVORIANTSIKA PRETRA NY FANAOVANA SYNTHÈSE AZY.

Antsiranana faha-25 Desambara 2020  
FANKALAZANA MANETRIKETRIKA NY NOELY  
+ Mpanomponareo P EvequeRamaroson Benjamin Marc, cm



*Benjamin  
C.M.*